## Tetikasa Tanamasoandro
# Tsy ampy fandalinana sy tsy voahevitra 2



# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 3 oktobra 2019 Laharana 961 Vidiny : **400 Ar**


## Andohanimandroseza 7
### Tratra ny halatra jiro tamin' ny trano lehibe iray


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


## Nisavorovoro ny bacc 2019 2
# Halatra laza adina tao amin'ny sokajy A


MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE L'ENSEIGNEMENT
SUPERIEUR
DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
Service d'Appui au Baccalauréat

SESSION 2019

A

Série : A
Code matière : 007
Epreuve de : HISTOIRE-GEOGRAPHIE
Durée : 04 heures
Coefficient : 4

NB : Le candidat doit traiter les DEUX (02) sujets proposés

SUJET I
Histoire : Dissertation (10 pts)



## Raharaham-pirenena, Filohan'ny HCC 2
# Tena fanina fa tsy mody fanina



## KANDIDA RINA N°2, ANTANANARIVO 3
### Tanora mavitrika mitsinjo ny mpiara-belona aminy



## Zafilahy Stanislas 2
### Miantso famondrona hery amin'ny fifidianana kaominaly

## Antoko Tia Tanindrazana 3
### Manana kandidà amin'ny fifidianana Ben'ny tanàna sy Mpanolotsaina

## Fifamoivoizana 5
### Mba asio fahalalam-pomba kely ihany Ra-Polisy a !

## Daka kely
Kobo be fa kajy politika amin'ny fifidianana ihany ilay Tanamasoandro ry Boaikely a !

## Dahalo miisa 7 teo aloha 6
### Nanatitra ny basy vita gasy miisa 4 fampiasany



RAHARAHAM-PIRENENA, FILOHAN'NY HCC

## Tena fanina fa tsy mody fanina

Nankalazaina omaly tetsy amin'ny Hotel Carlton Ampefiloha ny fetim-pirenena Koreana Tatsimo, olo-manakaja maro eto amin'ny firenena no niatrika izany. Anisan' izany ny Filohan'ny HCC Jean Eric Rakotoarisoa, teo koa ny Filoha Nasionalin'ny antoko TIM Marc Ravalomanana, izay sady filohan'ny RMDM, na ny Fivondronamben'ny mpanohitra ho an'ny demokrasia eto Madagasikara. Ankoatra ny fiatrehana ny fetin'i Korea Atsimo, anisan' ny vaovao notrandrahan' ny mpanao gazety teny an-toerana ny fahazoana ny hevitry ny olom-panjakana sy ny mpanao politika momba ny fanendrena ireo governoram-paritra. Niandry farany mihitsy ny filohan'ny HCC tamin' izao lanonana izao vao nivoaka ho fialana ny mpanao gazety. Niandry azy hatramin'ny farany koa anefa ny mpampita vaovao. Noho izay antony izay, nametraka fanontaniana taminy ny mpanao gazety niandry teny an-toerana hoe: mody fanina ianao Prezidà? Namaly ny Filoha Jean Eric Rakotoarisoa tamin'izany fa tsy mody fanina aho hoy izy fa tena fanina mihitsy. Amin'ny manaraka aho miresaka hoy izy satria rehefa tokony hiteny vao miteny. Ho an'ny Filoha Marc Ravalomanana indray raha nitafa tamin'ireo mpanao gazety izy dia nanambara fa araka ny andininy faha-154 ao amin'ny lalampanorenana, ny lehiben'ny faritra voafidim-bahoaka no miandraikitra ny asan'ny mpanatanteraka, ireo mpanolotsaim-paritra koa dia toy izany, tsy misy Governora izany ao hoy i Dada. Momba ny fahanginan'ny HCC ankehitriny, ity andrim-panjakana ity hoy izy no manara-maso ny fanajana ny lalampanorenana, fa tsy ny miteny fotsiny hoe azo raisina fa tsy mitombina. Izy ireo no mijery izay fanajana lalàna izay hoe: tena mandeha amin'ny lalana tena izy ve isika, sa amin' ny lalan-diso? Ny momba ny hoe vonjy maika ny fanendrena ireo governoram-paritra, nilaza ny Filoha Nasionalin'ny antoko TIM fa tsy azo atao andrakandrana ny fampiharana ny lalampanorenana, mila hajaina toy ny anakandriamaso izay voasoratra hoy izy.



*Isambilo*

Zafilahy Stanislas

## Miantso famondrona hery amin'ny fifidianana kaominaly

Mitondra ny heviny momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana ny depiote teo aloha tany Vavatenina, faritra Analanjirofo, Zafilahy Stanislas. Faly miarahaba antsika rehetra namana sy tapaka rehetra, indrindra fa isika niara-nitolona rehetra fahiny tsy ankanavaka, hoy izy . Mila averina indray ilay firaisankina sy ny fifankatiavana ary ny fifampitokisana nananantsika rehetra fahiny, ka nampitolagaga an ' izao tontolo izao . Mandalo fotoana sarotra ny firenentsika, indrindra fa ny vahoaka malagasy iray manontolo . Midika izany fa mbola manana andraikitra sy anjara lehibe isika, mba hiverenan'ny fifampitokisana sy ny fampivoarana indray an 'ity tanindrazantsika ity, izany dia manomboka amin'ny fandraisantsika rehetra andraikitra amin'ity fifidianana ben'ny tanàna rehetra ho avy ity. Ka ho antsika rehetra eto Antananarivo renivohitra hoy Zafilahy Stanislas dia tokony ho avy isika rehetra tsy ankanavaka, eny Bel' Air ny sabotsy 05 oktobra 2019 ho avy izao amin ' ny 3 ora tolakandro, fa hisy dinika lehibe hiara - manao amin' izany. Aoka hajanona eny anjorom-bala ny adiady madinika sy ny fifanomezan- tsiny , fa ho tsarain' ny tantara isika raha tsy miverina mifampatoky tanteraka . Homba sy hitahy antsika mianakavy anie ny tompo, hoy ihany ity depiote teo aloha ity.



*Ny depiote teo aloha Zafilahy Stanislas.*

*Nangonin'Isambilo*

Nisavorovoro ny bacc 2019

## Nisy ny halatra laza adina tao amin'ny sokajy A

Faritra maro teto amin'ny Nosy omaly no nisavorovoro ny fanatanterahan' ireo mpianatra mpiadina ny fanadinana bacc na bakalôrea. Hita izany tany Toamasina, tany Fenoarivo Atsinanana, Soanieran' Ivongo, Sainte- Marie, teto Antananarivo, tany Imerintsiatosika, tany Ambatondrazaka… Tafavoaka mialoha mantsy ny laza adina Tantara - Jeografia sy Fizika Simia ho an'ny sokajy A, izany hoe halatra laza adina na fuite de sujets ny talata teo. Nisy ireo nahita mialoha ny laza adina. Noho ny fahafantarana ny fivoahan'ny laza adina mialoha, nefa tsy tokony hivoaka raha tsy ny andron'ny fanadinana, voatery nihemotra ny fanombohan'ny fanadinana bacc omaly tamin'ireo faritra ireo. Noho izay antony izay, tezitra ny mpiadina ka nitroatra. Toy izany no nitranga tany Toamasina, niteraka faharatrana mpiadina miisa 3 izay savorovoro izay, ary efa nalefa notsaboina any amin'ny Hopitalibe ireo naratra. Fahatarana fanombohana fanadinana izay ihany koa no nitranga tany amin'ireo toe- rana hafa. Tany Imerintsiatosi-ka distrikan'Arivonimamo faritra Itasy kosa dia tratra ambodiomby mihitsy ny Proviseur ny Lycée, sy ny mpampianatra ary mpianatra maromaro efa namita ny valiny tamin'ilay laza adina tafavoaka tamin'ny sokajy na série A io. Efa notazonin' ny mpitandro filaminana ilay Proviseur sy ny mpampia- natra nanao izao toetra mamohehatra izao, fa ireo mpianatra kosa mbola navela niatrika ny fanadinana omaly, ary tsy maintsy hatao fanadihadiana rehe-fa vita ity fanadinana bakalôrea ity. Tokony ho tsiam- baratelo tanteraka hatramin'ny fotoana tokony hanombohan'ny fanadinana ireny laza adina ireny, ni-aiky ny mpikarakara dia ny ao amin'ny ministeran'ny fampianarana ambony fa nisy izay halatra laza adina izay, voalazan' izy ireo fa tamin'ny tambazotran-tserasera facebook no nahitana izany, noho izay antony izay, tsy maintsy no- vaina ny laza adina fiandry ny laza adina omaly, hoy izy ireo, ka izay no nahatratra aoriana ny fanombohan'ny fanadinana, niteraka ny savorovoro avy eo, satria tsy nanaiky ireo tao amin'ny sokajy A, fa tokony ho najanona koa hoy izy ireo ny fanadinan'ny sokajy C sy D. Noho izao trangana tsy fahombiazana amin'ny fampianarana eto amin-tsika izao, mametra-panontaniana ny maro, fitondrana inona loatra ity fitondrana Rajoelina ity: ny BEPC ambany be, ny bacc nivoaka ny sujet?

*Isambilo*

## Ny Valosoa sy fakafaka

### Tetikasa Tanamasoandro : tsy ampy fandalinana sy tsy voahevitra

Adihevitra be ankehitriny ity resaka eny Ambohitrimanjaka sy ny tetikasa Tanamasoandro ity. Efa nambara teto amin'ny gazety tamin'ny herinandro lasa ny fahitana io tetikasa io fa izao vao misy manamafy ny fijerinay. Nambara teto tamin'izay fa tokony hanasoa sy hanatsara bebe kokoa ny fari-piainan'ireo mponina eny an-toerana ny tetikasa raha hopotehina hotofana ny tany fivelomany. Izany hoe tokony hanana fivelomana tsaratsara kokoa sy hampitombo bebe kokoa ny haren'izy ireo ny tetikasa kasaina hotanterahina eny. Toa adinodino anefa izany ary izay namariparitra ny fanadihadiana sy fandalinana ny amin'ny fifidianana iny faritr'Ambohitrimanjaka iny hanatanterahana azy dia tena tokony hanaovana fanadihadiana. Ny antony, manapotika fiainam-bahoaka. Rehefa nohenoina ny fanazavan'ny mpilaza ho mpitondra tenin'ny fitondrana, dia hita mazava fa tena tsy ampy fandalinana ilay tetikasa, ary mampanahy fatratra ny fahasahin'ny fitondrana Rajoelina nanapa-kevitra hanatanteraka azy eny amin'iny faritra iny. Tsy ampy fandalinana satria hita fa tsy voajery mihitsy ny fiainan'ny mponina sy ny hoaviny, ny fambolena eny amin'iny faritra iny, ny maha-Betsimitatatra sy ny tantarany. Efa nandeha be ny adihevitra ary niakatra ny maripana amin'izany vao mody mandray fepetra ny fitondrana. Politika fampandrosoana tsy matotra izany ary mety hampitondra faisana ny vahoaka sy ny firenena. Rehefa dinihina lalina ihany koa tao anatin'izay fotoana izay, dia hita fa tena misy ny fanaovana "kely tsy mba mamindro eto", matoa tsy voajery ny tantsaha mpamboly. Toa zary lavitra ny fahendren'ny mpanjaka Andrianamponimerina, ny fomba fiasan'ny fitondrana ankehitriny izay mihevitra fa izy no tena mahay mitantana firenena. Tsy nahavita fianarana lavitra toa azy ireo io mpanjaka io kanefa nanana fahandrena lalina amin'ny fitsinjovana ny vahoakany, fa hoy izy "ny be manana ny azy, ary ny kely manana ny azy". Fa ny ankehitriny, ny ananan'ny kely aza mbola tadiavina ikimpiana fotsiny izao ary hitsinjovana ny be. Ny be eto dia ireo mpanankarena mpanefoefo vitsy an'isa eto amin'ity firenena ity izay teratany sy vahiny. Tsy misy afaka handà, fa tsy hahazo toerana na dia iray dingana ao anatin'izany rehefa tontosa ny asa ireo mponina ireo. Fanilihana amin'ny fomba an-kolaka koa aza ilay raharaha amin'ny lafiny iray, fa rehefa tsy mahay mihary eo amin'ny tany onenany sisa amin'izay vola lazaina ho onitra omen'ny fitondrana eo ireo mponina mpamboly ireo dia tsy maintsy hiala sy hifindra monina ihany koa. Tsy ao anaty fandalinana ny tetikasa anefa ny amin'izay mba hihazonana ny mponina hijanona honina hatrany eo amin'ny tanànany izay. Tsy re izany ao anaty fanazavan-kevitra samihafa nataon'ny fitondrana hatreto. Tranga iray azo itarafana tsara ny endrika marin'ity fitondrana ity izao toe-javatra kasaina hotanterahina eny Ambohitrimanjaka izao.

*Sôh'son*

Savorovoro eny Ambohitrimanjaka

## Nilefitra ny fanjakana

Nandritry ny resaka savorovoro momba ny fananganana ny tetik'asa Tanamasoandro eny Ambohitrimanjaka, izay kasain'ny fitondram-panjakana hatao, ka nahatonga ireo mponina voakasik'izany hanohitra, satria tsy mazava amin'izy ireo ny antony sy ny onitra tokony haloa aminy. Nanao valan-dresaka tamin'ny mpa- nao gazety ny tompon'andraikitra omaly teny Antaninarenina. Nambaran'izy ireo fa honerana ny tanin' ireo mponina ho totofana hananganana ity tetik'asa ity. Nohamafisin'ny tompon'andraikita fa mitohy ny tetik'asa izay tafiditra amin'ny vinan'ny fitondram-panjakana malagasy. Tamin'ny farany teo dia efa nilaza ireo tantsaha mpa-mboly eny amin'iny faritra iny fa tsy eken'izy ireo ny fanotofana ny taniny satria mbola betsaka ny tendrombohitra azo ahetry hananganana ity tetik'asa ity. Ankoatr'izay, nilaza ihany koa ireto mponina ireto fa tsy mba ho isan'izay hahazo tombony amin'izany ny mponina. Ny fanitarana tany hovolena no tanjona raha ny nambarany fa tsy fanotofana tanimbary akory. Mbola andrasana izay fanapahankevitry ny fokonolona taorian'iny fihaonan'ny tompon'andraikitra isan-tokony iny omaly.

*Rajo*

Ny Valosoa sy hadihady

# Akaiky fifidianana : hisy indray ny hanome toky an-kamorana, fa hanary an-kasarotana

Efa ho folo volana izao no eo ami'ny familiana ny lamasinina haingam-pandeha (TGV) ny filohan'ny Repoblika IV, Rajoelina Andry Nirina, ary nampanantena tamin'ireo "velirano" fa ho vitainy ao anatin'ny dimy taona ny tsy vitan'ireo filoham-pirenena nifandimby tao anatin' ny sivy ambidimampolo taona. Ny tsapa sy iainan'ny vahoaka Mlagasy anefa dia ny tetikasa efa nahazoan'ny filoha nodimbiasany famatsiam-bola no iantsampazany satria mihevitra izy fa ny Malagasy rehetra dia mora manadino, ka tsy mahatsiaro izany. Tsy misy tetikasa noketrehan'izao fitondrana izao miainga aloha hatramin'izao. Ny zavamisy dia vonjitavan'andro avokoa no atao'ny fitondrana amin'izao fotoana izao. Mialohan'ny nahatongavan'ny Papa Fransoà dia namboarina ny lâlana mihazo an'i Soamandrakakizay ary naravona ny tany. Andro vitsy nialohan'ilay lamesa lehibe vao vita ny fandaminana rehetra. Nihosombovoka sy narary ny mpino tonga tamin'izany Lamesa lehibe izany. Rehefa niditra hopitaly ireo narary vao nikiropaka ny mpitondra, ka nilaza fa hiantoka ny fitsaboana ireo olona ireo. Azo inoana fa tsy nahazo aim-panahy araka izay niriany ny sasany tamin'ny kristiana tonga teny fa nahazo otrik'aretina. Mbola mahabe resaka ihany koa ny resaka fanotorana tanimbary sy tanimboly arivo hektara eny Ambohitrimanjaka. Mitatatata ny manampahefana fa ho tombontsoan'ny vahoaka Malagasy no hanatanterahana io tetikasa io. Mazava ho azy anefa ny sarangan'ny olompirenena afaka hisitraka izany trano hahorina izany, fa tsy hanana hanin-kohanina sy hiraoka ahitra kosa ny tantsaha mivelona amin'ireo tany ireo. Raha tena mitsinjo ny vahoaka tokoa izao fitondrana izao dia ny tanànan' Antsakabary no navaozina satria mampiseho izany fa misy ny fitohizan'ny raharaham-panjakana (continuité de l'Etat). Dradraina ny fahavitan-tena ara-tsakafo ka ny fanotofoana ny tanimbary eny Amohitrimanjaka sy ny manodidina ve no hahatongavana amin'izany? Nanampy ny tantsaha any amin'ny faritra Fianarantsoa Rajoelina Andry Nirina ka nanolotra zezika amin'izao fotoam-pambolena izao, kanefa fihetsika mifanohitra amin'ny ataony eny Ambohitrimanjaka iny nataony iny. Mampifandrafy ny olompirenena ihany koa satria ny tantsaha any amin'ny faritra hafa hampiana amin'ny fambolena ataony ary ny aty an-kafa esorina aminy ny tany tokony hamboleny. Efa tapaka ny datin'ny fifidianana ho ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina kaominaly dia miverina indray ny tetikady rehetra mamorika ny sain'ny vahoaka amin'ny fanokafana ny "tsena mora". Raha azon'izao fitondrana izao natao ny nanaisotra ny ben'ny tanàna izay efa lasa ny fe-potoam-piasany ka nosoloina PDS dia tsy nisalasala izy nanao izany. Araka izany dia nihazakazahana ny fanendrena ireo lehiben'ny Faritra. Tsy mahay izay voalazan'ny Lalàmpanorenana tokoa ny ankamaroan'ny Malagasy ka manao izay danin'ny kibony ny mpitondra. Ao anatin'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana toy ny kaominina ny faritra, ka tsy maintsy na ny mpifidy vaventy (grands électeurs) na ny vahoaka no mifidy izay ho lehiben'ny Faritra. Notendrena anefa ireo lehiben'ny Faritra satria efa akaiky ny fifidianana ben'ny tanàna, ka hitady ny tetika rehetra hoentina manindry ireo mpiasam-panjakana eo ambany fahefany izy ireo. Na inona na inona fandresen-dahatra ataon'ireo minisitra momba izao fanendrena izao dia tsy mitombina velively satria sady manitsakitsaka ny Lalàmpanorenana no manao tiankano, tsy tian-kano izao fitondrana izao. Angamba kosa amin'izao fifidianana manaraka izao dia tsy ho sodokan'ny "patsa indray mahandro" sy ny "kobaka am-bava" intsony ny mponina eny amin'ny kaominina fa handray andraikitra, ka hisafidy izay heveriny fa hampandroso sy hampandry fahalemana marina tokoa ny tanàna iraisana.

***Andry Tsiavalona***

Kandida Rina N°2, Antananarivo

## Tanora mavitrika mitsinjo ny mpiara-belona aminy

Taorian'ny orambe nivatravatra ny talata lasa teo dia nitsidika toerana maro tao amin'ny boriboritany voalohany sy faha 5 eto Antananarivo Renivohitra ny kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara Rina N°2. Niara-dalana taminy tamin'izany ny depiote Hanitriniana Razafimanantsoa, depiote voafidy tao amin'ny boriboritany voalohany sy Fetra Ralambozafimbololona tao amin'ny boriboritany faha 5 ary ireo kandida mpanolotsaina ny tanàna. Tamin'ny faritra rehetra nolalovany dia tsy nifidy tany iadiana ny kandida Rina amin'ny maha tanora mavitrika azy, fa nandeha tamin'ny toerana hita tena mampijaly ny mponina amin'ny faritra iva ny tenany. Ao ny fijerena ny faritra fandehanan'ny rano maloto indrindra amin'izao fotoampahavaratra efa ho avy izao. Tsy nijery fotsiny ny fahasahiranan'ny mponina amin'izao fidiran'ny mpianatra izao koa ny kandida Rina N°2 fa nisy ny fanomezany kit'scolaire ho an'ireo ankizy sahirana tao Analamahitsy . Ankoatra izay hita tamin' ny toerana izay nandehany fa liana amin'ity kandida tanora ity ireo olona izay nifanehatra taminy, na nanana firehana politika hafa tsy mitovy aminy aza. Tsy atao sakana amin' ny fampandrosoana an' Antananarivo hoy izy ny fahasamihafâna eo amin' ny lafiny politika satria tiantsika Antananarivo ary soa iombonan'ny Malagasy rehetra .

***Helisoa***

Fitondrana Rajoelina

## Manao vonjy tavanandro hatrany noho ny tahotra

Raha nitsidika tany Fianarantsoa Ingahy Filoha Rajoelina dia nanambara fa vonjy maika ihany io fanendrena governora io, fa mbola hisy ny fifidianana afaka herintaona. Tsikaritra aloha fa ny fanapahankevitra noraisin' ny fitondrana nandritr'izay 10 volana nahateo azy izay dia nahitana taratra, fa mbola kajikajy amin'ny fifidianana hatrany no ataon'ny fitondrana. Niaraha-nahita ireny fikasana hampiaraka ao anatin'ny andro iray ny fifidianana solombavambahoaka sy ny fitsapankevibahoaka hanovana ny lalampanorenanana ireny ; kinanjo nidofotra izany ; ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC) rahateo efa nanambara mialoha fa manohy ny asany ary tsy azo kitihana ny Antenimierandoholona. Mikasika ity resaka governora ity dia marina ny an'Ingahy Filoha fa vonjy maika ireo ary izay mihitsy no hataony; hiasa amin'ireo faritra fantatra fa hanahirana ny fitondrana amin'ny fifidianana ary raha atao mahitsy kokoa ny filaza azy dia ny fifidianana ben'ny tanàna eto Antananarivo Renivohitra no tena mahavaky ny sain' ny fitondrana ; saingy sarotra raha ny eto ihany no soloina ny lehiben'ny faritra ka dia nanendry folo hafa ; ilay teto Analamanga rahateo moa ny fitondrana teo aloha no nanendry azy dia tsy maintsy nongotana ary dia io nanolanana lalampanorenana io. Dia nilaza koa ny fitondrana fa arahimaso hono ny vidin'entana ary haverina indray ny tsena mora; iza no tsy ahatakatra fa vahaolana vonjy tavan'andro izany fa tsy mahavita taona ; ny tena olana dia eo amin'ny resaka vary satria ny vary amidy dia nafarana tany Pakistan misy sarany na dia ny fitaterana fotsiny aza ; ary tsy maintsy hisy ny subvention na fanetsenambidy ataon'ny fitondrana mba hahazoana mivarotra azy mora ; ny dikan'izany dia ireo tantsaha any Pakistan no nampian'ny fitondrana malagasy, fa ny teto amintsika tamin'ny fitondrana notarihan'ny Filoha Ravalomanana no nisy mpijery ireo tantsaha. Mikasika ny fanarenana ny Rova indray dia nanambara Ramatoa ministra miadidy ny kolontsaina sy ny serasera Lalatiana Rakotondrazafy fa atomboka hono ny fanarenana azy io dia hita mibaribary fa hamonjena fifidianana tsotr'izao ny dikan'izany, satria ny 06 Novambra no hanomboka ny fampielezankevitra amin'ny fifidianana ben'ny tanàna.

***Ny Valosoa***

Antoko Tia Tanindrazana

## Manana kandidà amin'ny fifidianana Ben'ny tanàna sy Mpanolotsaina

Kandida Ben'ny tanàna sy Mpanolotsain'ny tanàna miisa 34 manerana ny nosy, no hotohanan'ny antoko Tia Tanindrazana amin'ny fifidianana ho avy izao. Nampahafantarina ny be sy ny maro tetsy amin'ny Hotel Le Pavé Antaninarenina omaly izy ireo ary vonona ireto farany hifaninana amin'ny fifidianana. Nanamafy Andriamatoa Razafinjoelina Tahina Filohan'ny antoko Tia Tanindrazana fa vonona hitondra ny anjara birikiny amin'ny fampivoarana ny fiainampirenena ny antoko Tia Tanindrazana. Nanohy nanazava ity Filohan'ny antoko ity fa mizara 3 ireo foto-kevitra ijoroan'ny antoko amin'ny fanatanterahana an'izany tanjona izany, voalohany ny famafisana ny fanabeazana, izany hoe ny fampahalalana ny tanora ireo otrika harena misy eto Madagasikara; ny fampivelarana an'ireo Orin'asa vita Malagasy any ivelany; ny fanabeazana arapolitika. Nilaza izy fa ny fampiharana ny fitsinjaram-pahefana no foto-kevitra faharoa: ao anatin'izany ny fisian'ny fifampitokisana eo amin'ny Ben'ny tanàna sy ny mpitondra fanjakana amin'ny fampandrosoana nyfirenena; ny fiaraha-miasa eo amin'ny fitondrana sy mpiasam-panjakana ary ny Ben'ny tanàna. Nanohy nanazava ny Filohan'ny antoko fa ny fampiasana ny teknolojia amin'ny fampandehanana ny raharaham-panjakana sy ny fintantanana ny mponina no foto-kevitra fahatelo. Marihina fa niforona tamin'ny taona 2010 ny antoko Tia Tanindrazana ary nanohana hatrany ny fotokevitry ny antoko Tim. Vonona handray anjara amin'ny fiainam-pirenena ny antoko Tia Tanindrazana ary tsy manana disadisa velively amin'ny antoko Tim.

***Franck Razakambelo***

Ambohitromby Ankazobe

## Vonona hanarina ny tanàna i Rija kandidà TIM

Efatra ny kandida ben'ny tanàna ao amin'ny kaominina Ambohitromby, distrikan'Ankazobe amin'ny fifidianana ny 27 Novambra 2019 ho avy izao. Eo ny natolotry ny Ird, ny Mmm, ny tsy miankina ary ny natolotry ny Tim. Andriamatoa Rija efa diso fantatry ny mponina amin' ny traikefa sy fitantanana miaraka amin'ny fitarihana no nosafidian'ny antokoTim ho kandida ben' ny tanàna ao amin'ity kaominina ity. Vonona ny tenany amin'ny fampandrosoana nykaominina toy ny sehatry ny fambolena , ny fiompiana ary vonona hijery izay mahasoa ny vahoaka ifotony eny anivon'ny faritra. Maro tanora ihany koa Ambohitromby raha ny nambarany, ka tokony ho jerena ny fanamafisana ny traik'efa sy ny fanatsarana ny kianja satria tia fanatanjahantena ny tanoran'Ambohitromby amin' ny ankapobeny. Momba ireo vehivavy, dia an'isan' ny tsy maintsy ho jerena ny momba azy ireny toy ny fanohanana ara-pitaovana, fiofanana , sns... ary hatao filamatra amin' ny sehatry ny fampandrosoana Ambohitromby, izay mila fiovana sy fampandrosoana maharitra . Manohana azy amin'izao fifidiananaben'ny tanàna sy mpanolotsaina izao ny solombavambahoaka teo aloha, Ravelonanosy Mamitiana.

***Rajo***

TONONKALO

### LEHIBEN`NY FARITRA SA GOVERINORA ?

Haverina indray ve ny goverinora
F`izany no anarana mahafatifaty ?
Sao teny nilaozan`ny andro sy ny ora
Na isan`ireo efa hoe "lany daty" ?

Sa `zay no fampiasan`ny mpanjanatany
Mba hoenti-milaza an`ireo notendreny ,
Dia indro niniana naverina izany
Ry "zana-boloky" mpamerina teny ?

Dia nomena toerana ireo izay tsy lany
Tanaty tontolon`ny baolina kitra ?
Satria nalahelo ary saika hitomany
No tena nangaina sy nipitrapitra ?

Tsy "saofera henjana" anefa no ilaina
Na koa ireo mpitrifana tia "derapazy",
Fa olona hendry ary koa manan-tsaina.
(Tsy varian-dalao , tsy mpanao vazivazy!)

... Ka tena tsy goverinora no ilaina.
(Tandindon`ilay fanjanahana izany !)
Lehiben`ny faritra re ampiasaina
Ry zaza navelan`ny mpanjanatany !

***DADAN`i ZINA (01-10-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny kandidà Rina N°2 nanome kits scolaires ho an'ny mpianatra.









**MIALA SASATRA NY MPIANATRA**

## Miala sasatra koa ny atody

Vao nifarana ny taompianarana 2018-2019 dia efa miala sasatra ihany koa ny mpivarotra amin'ny ankapobeny. Any amin'ny fividianana fitaovam-pianarana indray mantsy no imasoan'ny ray aman-drenin' ny mpianatra ankehitriny. Ho tapitra rahampitso ihany koa ny fanadinana bakalorea ankapobeny raha toa ka mbola hitohy amin'ny herinandro ho avy ny sokajy teknika. Ho an'ireo mpivarotra atody, indrindra ireo mpiompy eny ambanivohitra dia sahirana amin'ny vidin'atody satria tsy mandeha ny tsena. Zara mantsy raha lafo telonjato latsaka ny atody iray ary lasa trosa aza ny sasany. Tsy maintsy miandry anefa ny mpiompy satria tsy lany hohanina tsinona ny atody. Vitsy ihany koa ireo mpanodina ny vokatra noho izay mbola fialan-tsasatry ny mpianatra izay. Ny praovandy anefa tsy midina fa vao mainka aza miakatra satria hiditra ihany koa ny fotoam-pahavaratra. Miandry izay fiakaran'ny vidin'atody indray izany aloha satria tsy azo terena ny mpivarotra sy ny mpividy. Rehefa maina andro mantsy vao tena betsaka ny vokatra nefa mora ny vidiny. Rehefa fotoam-pahavaratra indray, dia vitsy ny atody fa lafo masonkarena noho ny orana. Mbola fanontaniana mipetraka izany ny hoe rahoviana no hifandanja ny vidin'atody sy ny masonkarena lany satria foto-piveloman'ny tantsaha maro an'isa eny ambanivohitra io.

*Rajo*

Dokam-barotra
NY VALOSOA VAOVAO
Tel. 034 79 076 00

Fanehoan-kevitra

sms :


034 09 187 88 ;

032 11 505 44 ;

033 24 783 65

## Sakafo Ny Valosoa

Tsiasisa sy saosisy indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, tsara raha hasiana lasary karaoty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.



## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Lasary angivy mahasalama

Lasary angivy mahasalama indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ody goty na godro ny angivy, mahasalama koa ny fihinana azy, anisan'izny ny fanaovana azy ho lasary. Lasary angivy: ireo akora ilaina:



- Angivy arakaraky ny isan' ny ihinana azy,
- tongolo,
- Hasina tongolo gasy 2,
- Voatabia,
- Ranona voasarimakirana,
- Menaka 2 na 3 sotro,
- dipoavatra sy sira,
- Kotomila sy tongolo maitso.

Fikarakara azy:
- Sasao madio tsara daholo aloha ny akora rehetra ary teteho lavalava na boribory daholo ny angivy , tongolo gasy , oignon, voatabia.
- Alonay anatin'ilay jus de citron+ poivre + sira ary menaka ny oignon mba hahazo an'ilay tsiro.
- Afangaroy miaraka amin'izay ny saosy vinaigrette avy eo.
- Teteho madinika ny tongolo maitso sy ny kotomila hanaovana decoration, ka aparitaka eo amboniny dia vita.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Anivorano Avaratra any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana

Ny tanànan'Anivorano Avaratra any amin'ny distrikan'Antsiranana faha-2, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, tsy dia avo toerana izy satria 440 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Amin'ny lalampirenena faha-6 (RN6) no misy azy, 69 km. Misy fokontany 16 Anivorano Avaratra:
Anivorano I, II, III, Ampasibengy, Marovato-Ivanga, Marotaolana, Ambalafary Seama, Ambondromifehy, Mahatsara, Andrevokely, Andrafiabe, Ambery, Amparay Mahatsinjo, Ampandrana, Beanamalaho, Marovato. Renirano roa no mamakivaky azy dia Beamalona, Irodo sy Tenanianivorano. Misy farihy roa koa any. Ny iray amin'ireo farihy ireo ilay antsoina hoe lac sacré, izay manana ny tantarany. Voalaza fa tanàna iray manontolo no rakotry ny rano lasa farihy satria nisy olona iray nitady rano tamin'izany fotoana izany, tsy nisy nanome rano azy anefa ny iray tanàna. Nilaza ilay olona hoe: omeko ranobe nareo satria tsy misy nanome rano ahy, dia lasa farihy ilay tanàna, ary voalaza fa lasa voay ao anatin'io farihy io hatramin'izao ireo mponina tao amin'ity tanàna ity. Vokatra any ny voanjo, ny katsaka, ny vary, ireo haninkotrana isan-karazany toy ny mangahazo, vomanga. Ny legioma sy anana isan-karazany.



## NY TENY FIAINANA

*Matio 20:34*

*Ary Jesosy dia onena azy ka nanendry ny masony; ary nahiratra niaraka tamin'izay izy, dia nanaraka an'i Jesosy.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

# Ny fanotofana ny faritra iva no anisan'ny maha-tondraka ny rano eto an-dRenivohitra



**Rado Andriatsivoh :** gaigy iany a, io nge le honahona sy tanmbary manodidina eo efa tototra de tsy misy itsifany ranonorana de dobo Antananarivo. Ilay fanotofana ny faritra iva no anisan'ny maha-tondraka ny rano io, vao avy indray mandeha monja ny orana afak' omaly dia izao dobo izao sahady isika.

**Tanjona Tantely Rakotomahanina :** tena vao maika io ho dobo- drano tanteraka, mbola ho avy io orana io amin' ilay fampisarahan-taona.

**Denis Rasoloson :** izao no tsy maintsy hiafaran' ny fanorenana tanàna eny amin' ny toerana iva. Dia ho gaga ve isika raha ho dibo-drano toy izao foana kanefa ny toerana iva anie ka natao hivarinan' ny rano eh!nefa totorana, tsy mahay mihitsy ilay teknisianin'ny mpitondra ankehitriny. Izao indray dia hoe ho totorana koa Ambohitrimanjaka, atao barofo, dia tsy hifankahitana ny rano tondraka eto rehefa tena tong any fahavaratra, mbola vao lohataona aza isika izao!

**Ranoum Nomenjanahary :** fa tsy mety atao eo nga le machine an'canal de pangalane e??

**Julie Lalatiana :** nahita tsara ko zay le mpanao lalana fa miraiky2 loatra, lasan'ny rano zay ny gravillon tao.

**Francis Anselme Rajaonarivony :** aleo hiakatra ny rano fa lasa tsy misy asa ny BNGRC raha tsisy traboina. Hihihiiiiiii!

**Fenitra Elaijah :** ndao daholo andeha ho eny amin'io rano tondraka io hanjono foza orana, hihihiiiiiiii!

**Eklezia Miaramilan'ny Fahamarinana :** nday sahady ve le, toa tondraka sahady ny rano. Ilay fanotofana tany sy ilay dale tsentsina noho ny fako ataontsika no fototr'izao.

**Nambinina Andriamasinoro :** raha tsy foana ny fanotorana tany mbola pire noho io io ka! aza maika! Ny plaine no tokony hamokarana fa tokony amin'ny faritra ambonimbony toerana no hanorenana. Tsy mety mihitsy noho izany ilay hanaovana ny Tan-Masoandro satria hanototra tany iva indray io dia tsy ho afaka hivoaka mihitsy ny rano ato Antananarivo!

**Herizo Dilanne :** hita izao ny lesoka d mba tokony handray andraikitra ny tompon'andraikitra. Stop: fanotofana tany.

**Luca Andrianantenaina :** Ouia eeee ! tondraka sahady Antananarivo satria lasa ambony ny toerana tokony hivarinan'ny rano.

**Hajalalaina Elsaina :** ry mpanao pub ity no tena olana ao (1) mbola tsy vita akory ny fotodrafitrasa dia efa mpivarotra no nameno ny lalana ary rehefa mivarotra izy de avela ny eo ny fakony de iny no entin'ny rivotra dia mivarina any anaty canal de tsentsina ny canal (2). Mandrora mitsilany isika ka mahavoa tena amin'ny fako ariantsika eny rehetra eny dia lasa manentsina tatatra avy eo.

**Herizo Dilanne :** zao ny fomba tsika gasy sasany, indrindra ny mpivarotra dia dobo ny capital.

**Hajalalaina Elsaina :** tena marina lotra kanefa koa ny olona efa zatra dia tsy hiova raha toa ka tsy misy fanentanan ary manaraka ny fanasaziana raha toa ka ilaina izany, NY LÀLANA NATAO HO AN'NY FIARA, TROTTOIR NATAO HO AN'NY MPANDEHA AN-TONGOTR, NY TSENA NATAO HO AN'NY MPIVAROTRA, ARY SAMY MAHAY MIARO NY FANANA IOMBONANA DE MADIO ISIKA EH!

**Radonirina Fetraniaina :** Cua efa manadio n tatatr s ny canal foana, fa ilay tany iva tototra mihitsy no maha-tondraka io rano io. Tsy mahita lalana ivoahana ny rano ato Antananarivo.

**Hery Aina Haja :** toy ny piscine mihitsy izao rano izao, aoka izay ny fanotofana tany e!

**Andriamahery Avotriniaina Radamisaona :** mividiana nareo mipetraka eny Besarety lakana dieny mbola tsy manomboka tsara ny orana eh! Hihihiiiiiii!

**Elysa Clarisse :** raha ny havoretratsika ihany koa no asiana resaka de tena hita maso. Fa maninona anefa raha samy mba mitandrina tsy handotondoto foana izany e!!!! zao no vokany ka mampalahelo fa miara-mizaka daholo na ny efa mitandrina aza.

Na fonona bonbon ary, mba mizara manao azy am-paosy ry reto de refa mahita fanariana fako vao manary a!

POLISY NASIONALY SY POLISY MONISIPALIN'NY CUA

# Mandrindra ny fifamoivoizana ho fitsinjovana ireo mpanala fanadinana bakalorea tsy ho tara

Nandray andraikitra goavana amin'ny alalan'ny fanaovana hetsika manokana ampirindrana ny fifamoivoizana ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) nanomboka ny andron'ny alatsinainy teo, ka hatramin'ny rahampitso zoma. Ny antony dia ny mba hitsinjovana ireo mpanala fanadinam-panjakana Bakalôrea tsy ho tara amin' ny fitohanan'ny fifamoivoizana, ka ho afaka hanatanteraka tsara sy hahavita izany fanadinana izany am-pitoniana. Anisan'ny mitarika fitohanan' ny fifamoivoizana eto an-dRenivohitra ireo taxi-be tsy manaja ireo toerana izay efa natokana ijanonany, eo ihany koa ireo mpandeha an-tongotra izay milatsaka any anaty arabe, ka izay indrindra no antony nametrahana ireo Polisy Monisipaly eny



*Ny fandrindrana fifamoivoizana ataon'ny polisy nasionaly sy polisy monisipaly.*

amin'ireo "refuge", na toerana fiantsonan'ny taxi-Be sasantsasany eto an-dRenivohitra, mba hampirindra izany. Polisy Monisipaly sy Polisy Nasionaly no miara-mifarimbona sy naparitaka manerana ireo "refuge" izay tena ahitana izany tsy fanajana ny toerana voatokana ijanonan' ny taxi-be izany, toy ny eny Ambohijatovo, Ankorondrano alohan'ny CODAL, Fiaro Ampefiloha alohan'ny SIPEM Andavamamba, CEG Antanimena, Rond Point Ambanidia. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia manentana hatrany ny tsirairay mba samy hanaja ny lamina izay efa napetraka, mba ho tombontsoan'ny tsirairay satria: "Antananarivo dia soa iombonan'ny Malagasy".

***Stefa***

Vondrom-bavaka Boriboritany faha-5

# Notoloran'ny CUA fanomezana vary sy menaka

Mitohy hatrany ny asa sosialy tanterahin'ny fiadidina ny tanànan'Antananarivo Renivohitra (CUA). Nozaraina vary 3 kilao isan'olona ary menaka 1 litatra ireo vehivavy mpianatra soratra masina, amin'ny Vondrom-bavaka ao amin'ny boriboritany fahadimy, izay samy nahitana solontena avy, amin' ireo fokontany 27 ny faran'ny herinandro teo. Izao no natao dia mba hitsinjovana ny maha-olona ireo vahoaka sahirana mianatra soratra masina, na vondrom-bavaka isaky ny



*Ny fizarana fanomezana ireo avy amin'ny Vondrom-bavaka ao amin'ny Boriboritany faha-5, nataon'ny CUA.*

alarobia hariva, no sady fitaizana ny fiainan'izy ireo ara-panahy ihany koa.

***Aly***

Fifamoivoizana

# Mba asio fahalalam-pomba kely ihany Ra-Polisy a!

Tetsy amin'ny tetezan' Ampasika omaly maraina tamin'ny 6 ora sy sasany, no nahitana ny fihetsiky ny polisy mpandamina ny fifamoivoizana izay mahalasa saina be ihany. Nanao izay tsy nisian'ny fitohanana izy ireo, iarahamahalala fa mafy ny fitohanana amin'io lalana mankeny Itaosy io, na ny maraina, na ny hariva. Raha ny nitranga omaly maraina dia niolomay nandefa ireo fiara mifamoivoy ireo polisy teny an-toerana. Nisy fiara 4 L iray somary nilamina ihany ny fandehany ary nitandrina mihitsy aza ny mpamily rehefa nandalo ireo vy somary milentika teo ambony tetezana, hany ka tsy maintsy nandeha mora sao hanimba fiara. Toa tsy tsapan'ireo polisy roalahy anefa izany, fa naovany vava maherihery ihany tsy nisy fanajàna ilay mpamily. Marina aloha fa mila mandeha haingana ireo fiara fa miteraka fitohanana ho an'ny any aoriana na ny avy any Andranonahoatra sy Ambonisoa na ny lalana ilany avy any Andranovory mandalo ny famonoana omby izay mivoaka eo Ampasika. Tsy tokony ho izany kosa anefa ny fihetsika sy fomba fiteny fa mba asiana ihany ny fanajana. Tsy ho àry matanjaka avokoa ny fiarakodia rehetra mifamoivoy eo. Misarika ny saina hieritreritra mihitsy ny amin'ny fanofanana omena azy ireo ny zavanitranga. Tsy misy taranja fanabeazana amin'ny fahaiza-miaina na fahalalam-pomba ve any mialoha ny hivoahan'izy ireo? Raha tsy misy dia mila fenoina an'izany ihany raha ny fahitana azy. Nanao hetsika fanomezan-drà ny polisim-pirenena ny alatsinainy lasa teo mba hanakaikezana ny vahoaka, hono, araka ny nambaran'ny lehibeny. Izao fihetsika hita omaly izao kosa anefa anisan'ny sakana iray tsy hahatanteraka izany. Tsy lavina, mety hisy ho faly amin'ny fihetsik'ireo polisy ireo satria nambara fa mitondra anjara biriky amin'ireo mpiadina miatrika fanadinana bakalorea izany. Tsy ny rehetra anefa no ho faly raha toy ireny no ho fomba fiasa. Ary ao anaty andro iraisam-pirenena hiadiana amin'ny herisetra omaly. Miendrika herisetra ihany anefa ny toejavatra toy ireny.

***Radafy***

DAHALO MIISA 7 TEO ALOHA

## Nanatitra ny basy vita gasy miisa 4 fampiasany

Mitohy hatrany ny fanentanana amin' ny ady atao amin' ny fiparitahan'ny basy tsy ara-dalàna ao anatin'ny distrikan' Andilamena faritra Alaotra Mangoro. Nahitam-bokany izany ankehitriny satria dia dahalo miisa fito avy ao amin'ny fokontany Betalevana, kaominina Bemaintso distrikan'Andilamena indray izao no tonga saina, ka nanatitra ny basy vita tefy gasy miisa efatra izay fampiasan'izy ireo nanaovana asa ratsy fahiny.



*Ireo basy vita gasy naterina tamin'ny mpitandro filaminana.*

Na izany aza anefa dia misokatra foana ny fanadihadiana ahafantarana ny mety fiandohan'ireo basy ireo hanafoanana izany tanteraka. Ny ezaka dia niarahana- niasa tamin'ireo Raimandreny arapanahy sy ireo tomponandraiki-panjakàna ao antoerana ary ireo oloben'ny tanàna. Hita fa efa mizotra mankany amin'ny filaminana raha ny ao Andilamena ary ho ampiana isa ny Zandary ao anatin'ny Vondron-tobim-paritry ny Zandarimaria any atsy ho atsy, araka ny voalazan' ny tompon'andraikitra.

***Ny Valosoa***

Baccalaureat 2019

## Nilamina tany amin'ny faritra Vakinankaratra

Nizotra tam-pilaminana ary nilamina ny fanadinana Bakalorea ho an'ny teto Antsirabe, ka afaka niatrika tanteraka ny fanadinana Baccalauréat ny eto Vakinankaratra nanomboka ny alatsinainy teo, ka tsy hifarana raha tsy rahampitso zoma 4 Oktobra 2019. Raha ny antotan'isa dia nahatratra 10 708 raha atotaly ny isan'ireo mpanala baccalauréat eto Vakinankaratra, izay mizarazara ao anatin'ny foibem-panadinana 17, ka mitsinjara toy izao ireo mpiadina ireo isaky ny CISCO : CISCO AMBATOLAMPY : 792, CISCO ANTANIFOTSY : 1151, CISCO ANTSIRABE I : 3798, CISCO ANTSIRABE II : 1795, CISCO FARATSIHO : 1362, CISCO BETAFO : 1127, CISCO MANDOTO : 683. Na izany na tsy izany dia nisy hatrany ny fitsidihina ifotony nataon'ny tompon'andraikitry ny fampianarana eto Vakinankaratra, ka nanatontosa fitsidihana foibem-panadinana vitsivitsy ny ekipan'ny DRENETP Vakinankaratra, niaraka tamin'ny Talem-paritra RAKOTOARIMANANA Heriniaina Nomenjanahary. Tamin'ny ankapobeny dia tsy nahitana olana ny fiantombohan'ny fanadinana, nilamina tanteraka izany raha ny eto amin'ny faritr'i Vakinankaratra.

***Solohery***

Fahasalamana Vakinankaratra

## Nahazo moto mitentim-bidy 15000 dolara Amerikana

Manana tanjona amin'ny ady amin'ny tsy fanjariantsakafo ny fanjakana amin' izao fotoana izao. Ny fampidinana ny tahan'ny tsy fanjarian-tsakafo izay mbola ambony indrindra ho an'ny Faritra Vakinankaratra. Hahatratrarana izany dia notolarana moto miisa 127 ny Faritra Vakinankaratra, ho tsinjaraina amin'ireo lehiben'ny CSB rehetra manerana ny Distrika 7 mandrafitra ny Faritra Vakinankaratra. Tonga nanolotra izany tamin'ny fomba ofisialy taty an-toerana ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka Professeur Julio RAKOTONIRINA, notronon'ireo manampahefana avy eto an-toerana, notarihin-dRamatoa Prefet an'Antsirabe, ny Tale miadidy ny Raharaha Ankapobeny sy ny Lafitany ary ireo Talem-paritra maro. Ny tetikasa FAFY, na ny Fanjariantsakafo sy fahasalamana ifotony no antony nahazoana izao fitaovana goavana izao, izay iarahan'ny Minisitera sy ny ONN manatontosa. Nandritra ny lahateny nataon'ny Minisitra no nanamafisany fa ireo rehetra hampiasa ity fitaovana ity no tanan-kavanan'ny fanjakana amin' ny fanakakaizana ny vahoaka any ifotony. Tsy ekena intsony hoy izy ny fisian'ny zaza tsy vita vaksiny satria afaka mandeha any amin'ny toerana saro-dalana ireto moto ireo ; tsy tokony hisy intsony koa ny valan'aretina miparitaka. Tsy maintsy hatao tonga any ifotony ny fahasalamana hoy hatrany izy fa tsy hijanonana aty an-drenivohitra fotsiny, ka anjaran'ny mpitsabo no manolotra ny fahasalamana ho an'ny vahoaka. Araka izany dia tsy hijanona fotsiny amin'ny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo ny fampiasana ireto fitaovana ireo, fa tsy maintsy amin'ny fahasalamana amin'ny ankapobeny. Miteti-bidy 15000 dolara ireto moto ireo, izay marihina fa fiaraha- miasan'ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka sy ny "Banque mondiale".

***Solohery***

Mpampivelona sy mpitsabo mpanampy

## Nivoaka ny andiany voalohany tao amin'ny sekoly PARAMA-IF

Mpianatra miisa 22 avy amin'ny sekoly fampiofanana mpampivelona sy mpitsabo mpanampy PARAMA-IF eny Ambohimena Atsimo Antsirabe, no indray navoaka ny faran'ny herinandro teo. Ny mari-pahaizana "Licence en santé" no azon'izy ireo tamin'izany. Andiany voalohany nivoaka tao amin'ity sekoly ity izy ireo , nampisalorana ny anarana hoe: « TSARA ». Raha tsiahivina dia efa telo taona izao no tafajoro teto anivon'ny Faritra Vakinankaratra ny sekoly, ka mbola sampana "paramédicaux" ihany no misy ao hatramin'izay. Tonga nanotrona sy nanome voninahitra izany teto ny Tale miadidy ny Raharaha Ankabobeny sy ny Lafitany eto anivon'ny Faritra. Teto dia niarahaba sy nankahery ny sekoly sy ireo mpianatra nahazo ny diplaoma Ramatoa DAGT ny Faritra, fa zava-dehibe ho an'ny fampandrosoana ny ara-tsosialin'ny mponina ny fananana mpitsabo mivoaka amin'ny sekoly ambony tahaka izao. Ny Faritra ihany koa hoy izy dia misokatra amin'ny fiaraha-miasa amin'ny sehatra maro, indrindra ny fampiroboroboana ny ara-tsosialy, ny ara-toekarena. Namaranany ny fandraisam-pitenenany dia ny namporisika hatrany ny sekoly amin'ny fisokafana amin'ny sampana hafa, fa tsy hijanona amin'io sy nitso-drano ireo mpianatra hahavita be amin'ny asa izay hiandraiketany. Amin' ity taom-pianarana 2019-2020 ity dia hosokafana ao amin'ny seloky PARAMA-IF ny sampana "communication", "Droit" ary "gestion management". Marihina fa ny sekoly dia manaraka ny fandaharam-pianarana ara-panjakana ary manana ny "equivalence" ankatoavin'ny "fonction publique". Araka izany dia manentana ireo izay vonona, fa manomboka ny volana novambra izao ny fisoratana anarana ho an'ny mpianatra vaovao.

***Lezama***

### Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao. Mandady indray ny trambo amin'ny mety hisian'ny halabato sy ny hosoka amin'ny fifidianana kaominaly ho avy. Eo ambany fifehezan'i Mr Le Gouverneur ny Chef district . Ny Procès verbaux dia tsy maintsy mandalo any @ Chef District vao tonga any @ CENI. Ny CENI no mamoaka vokatra vonjimaika ary ny HCC no mamoaka didy tsy azo hivalozana ! OLOM-BOATENDRY DAHOLO IREO AN ! Aza manantena hahita rirany @ izay fitoriana misy porofo mitohaka @ tenda mihitsy ! Aoka tsy ho varimbariana fa samia manentana ireo mpahay lalàna matahotra an'Andriamanitra isika mba hiara-dalana @ rariny sy ny hitsiny, ka tsy hataho-maso mena .Todihana ny lasa hibanjinana ny ho avy satria fiketrahana hala-bato be vata indray izao fanendrena governor izao, izay sady fanitsahana ny lalampanorenana, ny fomba iray hoenti-mangala-bato sy manao hosoka amin'ny fifidianana indray.

***Andriamihaja Kevin***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

STK FJKM

## Any Fianarantsoa no hotanterahina ny Fihaonambe Nasionaly

Ny Alarobia 9 ka hatramin'ny 13 Oktobra ho avy izao no hotanterahina any Fianarantsoa ny Fihaonambe Nasionaly faha-8 ny Sampana Tanora Kristiana FJKM (STK- FJKM). Ao amin'ny Gymnase no hanatanterahina izany. Fanompoam-pivavahana, fampianarana ho an'ny Tomponandraikitra rehetra, fampianarana ho an'ny mpanatrika rehetra, fifaninanana ara-panatanjahantena ara-koltoraly, fitsidihana toerana mampiavaka an'i Fianarantsoa, filaharambe mamakivaky ny tanàna no hisy mandritry ny Fihaonamben'ireo Tanora. Nomarihina fa ny fifaninanana baolina kitra zazalahy sy zazavavy dia hanomboka ny Alatsinainy 07 Oktobra.
Amin'io fotoana io ihany koa, izay hiarahana amin'ny Komity faha-45 taonan'ny STK, no hampahafantarana ny hetsika sy tsangambato ho tratrarina amin'izao fankalazana an'Andriamanitra noho ny faha-45 taona nijoroan'ny STK FJKM izao. Ao Ankadiefajoro – Andoharanofotsy no misy ny toerana hanorenana ny tsangambato , izay ahitana kianja fanaovam-baolina samihafa, sehatra filanonana ary fefy tamboho manodidina ny tany mirefy 3 ha. Ny teny faneva amin'izany dia hoe "fa ianao kosa dia mahareta amin'izay zavatra nianaranao sy nampinoana anao" ( II Timoty 3 : 14a).
Hisy ihany koa fitaovana hamidy ho fahatsiarovana ny Fihaonambe ary koa noho izao faha-45 taona izao.
Manafatra araka izany ny STK hamonjy ny Fihaonambe ny Tomponandraikitra, mba hiomana amin'ny fitaovana filasiana hatrany, hanatona ny trano fiantohana ARORIAKA ao amin'ny Foibe FJKM, hanao fiantohana ny Tanora handeha rehetra; hanaraka tsara ny fandaminan'ny Tomponandraikitry ny fandrimpahalemana eny an-dalana, ary hanomana tsara ny fiara hitondra na ara-taratasy na ara-teknika, mba tsy hampisy olana eny an-dalana, sy fampitandremana mba tsy handeha mafy loatra.
Marihina fa efa vonona amin'ny fandraisana sy miandry ny fahatongavana sy fihaonana amin'ireo tanora rehetra hamonjy ny fihaonambe ny STK any Fianarantsoa.

***Aris***

Tontolo iainana

## Navoaka tamin'ny fomba ofisialy ny Boky « Ny vorontsika eto Madagasikara»




*Ilay boky, Ny vorontsika eto Madagasikara.*

Fampahafantarana ny boky mitondra ny lohateny «Ny vorontsika eto Madagasikara » sy ny fampahafantarana ny fikambanana izay misehatra amin'izany, no na- tao tetsy DLC nosy oma-ly. Boky nosoratan'Andriamatoa Raveloson Andriandratomalaza sy Andriamatoa Rahajanirina Rakoto, ahitana pejy miisa 295 sy sary karazana vorona miisa 215 monina eto Madagasikara. Ankoatra izany, mbola hita ao anatin'ity boky ity ihany koa ireo toerana itobian'ny vorona arakaraky ny karazan'ala misy azy : toy ny ala maina sy ala bozaka any amin'ny faritra Atsimo ; ny ala mikitroka sy be orana faritra Atsinana ; ny ala « Mangrove » na ala honko sy ny sisa... Hita ao anatin'ny boky « Ny vorontsika eto Madagasikara » ireo vorona efa lany taranaka sy lany tamingana ; ny vorona tsy misy raha tsy eto Madagasikara ihany koa ; ireo vorona mpifindra monina. Nilaza Andriamatoa Raveloson Andriandratomalaza fa ny fahalalan'ny Malagasy amin'ny antsipiriany ny tontolon'ny vorona eto Madagasikara no tanjona amin'ny famoahana an'ity boky ity. Nanohy nanazava ity mpanoratra ity fa betsaka ny tombontsoa azon'ny Malagasy amin'ny fahafantarana ny vorona eto antoerana satria manamora ny fiarovana azy izany, mampidi-bola amin'ny alalan'ny fisintonana mpizahantany ny fahalalan'ny vahiny ireo karazam-borona misy eto Madagasikara ireo. Ankoatra izany, nanamafy Andriamatoa Raveloson fa mandray andraikitra amin'ny fihariana voajanahary ny vorona satria manaparitaka ny voankazo. Ary ny farany, nilaza ny mpanoratra ny boky fa manampy amin'ny fisorohana ny aretina Pesta ny vorona satria ity farany no mihinana sy misambotra ny voalavo tsy hiakatra an-tanàna.

***Franck Razakambelo***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE 28/09/19 hatramin'ny 05/10/19**

- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 020 22 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71
- **ANTANIMENA** (Imm Santa Antanimena, près Chocolaterie Robert) 020 22 200 00/032 56 914 77
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 22 621 18

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 961-10-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANDOHANIMANDROSEZA

## Tratra ny halatra jiro tamin'ny trano lehibe iray

Trano lehibe iray, ahitana rihana roa, ao amin'ny Fokontany Andohanimandroseza, Boriboritany faha-2 eto Antananarivo Renivohitra no tra-tehaky ny mpiasan' ny Jirama noho ny fisiana halatra jiro amin'izany trano izany. Ny taona 2017 no notapahana ny jiro tao amin'ity trano lehibe ity noho ny tsy fandoavany ny faktioran'ny Jirama. Mbola nihodina hatrany ilay kaontera hatramin'ny 30 septambra 2019 nandritra ny fitsirihana nataon'ny iraky ny Jirama. Mpiasan'ny orinasa Jira-ma ihany no nambaran'ny tompontrano fa namerina ny herinaratra tao aminy, rehefa avy nitaky vola enina hetsy Ariary taminy. Nesorina avy hatrany ilay kaontera ary nandefasan'ny Jirama fiantsoana ilay tompontrano sy ilay mpiasan'ny Jirama voatonontonona tamin'izao halatra izao. Araka ny fitsipika eo anivon'ny Jirama dia manonitra izay sandan'ny herinaratra nampiasainy, maimaimpoana, ilay tompontrano. Raha toa ka mandà ny marimaritra iraisana izy dia hampakatra ny raharaha any amin'ny Fitsarana ny orinasa. Nahatratra 351 ny fitsirihana notanterahina teo anelanelan'ny volana febroary sy jolay 2019, ka 257 ny hosoka tratra, raha 91 kosa ny halatra. Mitentina hatramin'ny 708 960 751 Ariary kosa ny vola niverina tamin'ny Jirama tamin'ny fanaovana fitsirihana ny taona 2018, ka hatramin'ny jolay 2019.

***Naina***

ANS Ampefiloha

## Manofana tanora hamorona asa amin'ny tontolon'ny fanatanjahantena

Nanantanteraka seminera rezionaly ara-panatanjahantena natokana ho an'ireo tanora sangany avy amin'ny faritra Analamanga ; ny faritra Bongolava ; ny faritra Boeny sy ny faritra Atsinanana ny ANS na ny Akademiam-pirenena momba ny fanatanjahantena, tohanan'ny Ambasady Frantsay miaramiasa amin'ny tranoben'ny varotra sy ny Ministeran'ny tanora sy ny fanatanjahantena, nanomboka ny 30 Septambra lasa teo, ka tsy hifarana raha tsy ny 04 Oktobra 2019 ho avy izao. Nilaza ny tompon'andraikitra iray ao amin'ny ANS fa ny fampahafantarana an'ireo tanora mpiofana fa mivoatra ny tontolon'ny fanatanjahantena, izany hoe fitaovana iray ho an'ny fampandrosoana ny firenena ny taranjam-panatanjahan-tena. Nanohy nanazava ny mpampiofana ao amin'ny ANS fa tokony hitrandraka ny taranjam-panatanjahantena izay efa voafehiny ny tanora matihanina, mba hahafahana misarika ireo olona eny anivon'ny fiarahamonina, ho lasa tsenan'asa iray mampidi-bola toy ny fitaizana vatana toy ny Orin'asa « Fitness » ; ny fitsaboana ny aretina Diabeta sy ny aretina hafa ny fanatanjahantena. Ampianarina ny tanora hoy ny mpampiofana fa isan'ny ahafahana ma- metraka ny fandriampahalemana ny toe-tsaina « Sportif ». Nanamafy ny tompon'andraikitra fa anjaran'ny mpiofana no mampivelatra ny tetik'asany mba hamorona asa fa ny anjaran'ireo mpisehatra amin'ny fanatanjahantena kosa no manao tan-tsoroka mba haharitra ny sangan'asan'ny tanora.

***Franck Razakambelo***

IES-AV

## Hampiroboroboana hatrany ny fikarohana siantifika ataon'ireo tanora


Ny fahalalana ara-tsiantifika ratovon'ireo tanora no isan'ny hanavaozana hitantanana ny fiainan'ny olombelona handroso. Nanatanteraka varavarana misokatra ho fampirantiana ireo asa-karoka naton'ireo mpianatra ny IES-AV (Institut d'enseignement Supérieur Antsirabe Vakinankaratra), tao amin'ny Centre KAREN CAREN, ny avy ao amin'ny sampana « Automatisme Electronique Informatique Industrielle » ary ny « Génie Industrielle » annexe ny Oniversite Antananarivo. Tombony ho an 'ny Faritra Vakinankaratra ny fananana tanora manam-pahaizana azo ametrahana andraikitra eo amin'ny Faritra misy azy sy hampandroso ny firenena iray manontolo, araka ny nambaran'ny Lehiben'ny Faritra, RAKOTOMAHANDRY Thimoté, nandritra izany ihany koa, ny Lehiben'ny Faritra no namporisika ireo mpianatra hahavita ny ezaka izay tratra. Tonga nanokatra izany varavarana misokatra ho fampirantiana ireo asa-karoka nataon'ireo mpianatra izany tamin'ny fomba ofisialy ny solontenan'ny Filohan'ny Oniversiten'Antananarivo, ny Talen'ny Fampiofanana eo anivon'ny Oniversiten'Antananarivo , ny Lehiben'ny Faritra, ny Talem-paritry ny Fiompiana sy Fambolena ary ny Jono eto Vakinankaratra, ny Filohan'ny Fivondronan'ny Orinasan'i Vakinankaratra. Tamin'ny taona 2013 no nisy ity sampana « Automatisme Electronique Informatique Industrielle » ary ny «Genie Industrielle » teto amin'ny Institut d'Enseignement Supérieur Antsirabe Vakinankaratra na IES-AV. Miisa 132 mianadahy ireo mpianatra ao anatiny sampan, ahitana hatramin'ny Master II. Misy ny olana ho an'ireo mpianatra eo amin'ny fampiharana toy ny «laboratoire", ka mangataka fanampiana amin'ny Ministera mpiahy izy ireo ary eo ihany koa ny fijerena ireo mpampianatra izay mbola tsy mpiasa raikitra. Ny orinasa COTONA, ny STAR, ny BNI, ny Faritra Vakinankaratra, ny Caren Karen sy ny maro hafa no manohana izao hetsika izao, mba hivelarana eo amin'ny lafiny siantifika.

***Lezama***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 295**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0294)

***Mitsivalana***
- Talata
- Riaka – Bà (Miv)
- No (Miv) –
Moana (Miv)
- Saina – Do
- Vanona
- Razana
- tav(a) – Anio

***Mitsangana***
- Trosa
- Aina – Rà
- La – Vavy (Miv)
- Zanaka (Miv)
- Tananao
- Ony
- Nandoa (Miv)
- Aomby (Miv)

### TENY MIFANARAKA N° 295




**Mitsivalana**

**1.** Mpamokatra **2.** Mena masoandro (BL) – Karatra **3.** Navotana **4.** Nandalinana **5.** Petsa – Famintinana ny tia **6.** Isa Romana – Raharaha (BR) – Orinasa fiantohana **7.** Zavamanjo **8.** Volana malagasy **9.** Olon-tiana – Mari-danja **10.** Ankasitrahana

**Mitsangana**

**A.** Varotra – Manja **B.** Esoriny (Miv) **D.** Namakafaka **E.** Fonenana – Orinasa mpamokatra (Miv) **F.** Fanao amin'ny laoka – Refy **G.** Lapam-panjakana (Miv) – Manena amin'ny vava **H.** Fianakaviana (BR) – Embona (Miv) **I.** Faran-teny (Miv) – Fizaran'andro (Miv) **J.** Lesona – Vizana (BR) **K.** Reraka – Ako (BL) – Taova

### Valiny Teny mifanaraka 0294

**Mitsivalana**

1. Matanjaka 2. Anana – Ka 3. Mamanareo 4. Bitsika 5. Isa (Miv) – Tsia (Miv) 6. Atao 7. Asaly – Aloa 8. Nomanareo 9. Amboa (Miv) – Ento 10. Io – Foana

**Mitsangana**

A- Mamba – Tana (Miv) B. Ana – Sasao D. Tambitamby E. Anay – Alana F. Nantsoina G. As H. Aarianareo I. Eky – Lena J. Saoka (Miv) – Aotr(a) K. Teo – (T)aa

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny Filoha Ravalomanana nanatrika ny fankalazana ny fetim-pirenena Koreana tatsimo tetsy amin'ny Hotel Carlton.









Ny kandidà Rina N°2 eto Antananarivo nihaona mivantana tamin'ny mponina omaly.









